FIHAONANA AN-TAMPONY 2015 SY FANOMEZANA LOKA MOMBA NY FAMPIHARANA NY FIFANARAHAN'NY VONDRONA SADC MOMBA NY MIRALENTA

IVON-TOERANA MENDRIKA FITONDRANA IFOTONY

FANGATAHANA FENOINA HO FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FIFANINANA

Ny loka dia hatolotra ny mpandray anjara izay nahavita dingana be indrindra amin'ny fampidirana ny Miralenta eo amin'ny fitondrana ifotony sy eo anivon'ny Ivon-toerana mendrika eo amin'ny sehatry ny Haino aman-jery. Lazao ny mombamomba ny kaominina misy anao eo amin'ny toerana natokana momba izany amin'ity fangatahana ity ary ampidiro izay fanamarinana afaka manohana ny zava-bitanao.

TSY MAINTSY FENOINA AVOKOA IZAY ASAINA FENOINA

HAMPIDIRINA AO AMIN'NY TRANONKALAN'NY GL IRETO
FAMPAHAFANTARANA MANARAKA IRETO

Anaran'ny zava-bita

MIRALENTA KAOMININA SAKARAMY

TABILAO MISY NY KARATR'ISA SY NY POROFO FANAMARINAN A

Fenoy eoamin'ny karatr'isanao tamin'ny herintaona ny dingana vitanao ary ataovy mifanaraka amin'ny zava-bitanao tamin'ity 2015 ity ny porofo. Ny dingana vitanao mantsy no hitsarana ny zava-bita arosonao.Ny isa omen'ny mpitsara no ho isa farany.

Rehefa vitanao ny mameno ny karatr'isa dia ampidiro ao amin'ny tranonkala eo amin'ny faritra natao ho an'ny "supporting documentation" (tahirin-kevitra fanamarinana ny zava-bita) .Omeo anarana ilay karatr'isa ka araka izao manaraka izao anaovana azy: ***Anaran'ny kaominina_firenena_karatr'isa_litera voalohany amin'ny anarana sy fanampinan'anarana_daty***

Jereo ireo porofo ampiarahinao amin'ny karatr'isa ary mariho izay mifanandrify amin'ireto lohahevitra manaraka ireto. Ampidiro ao amin'ny tranonkalan'ny GL eo amin'ny faritra natao ho an'ny "supporting documentation" (tahirin-kevitra fanamarinana ny zava-bita) ny porofo arosonao .

FITONDRANA IFOTONY	POROFO NAMPIDIRINA TAMIN'NY TRANONKALA – RAISO NY ANARAN'NY *FICHIERS*	MARIHO
Politika ampiharina ➢ Politikan'ny miralenta, drafitrasa, drafitr'asa momba ny VBG ➢ Nanangana réseau communal miaro @ VBG	Porofo : Arrêté communal (voir preuve n°1)	
Fitantanana ny kaominina ➢ Ireo mpiasa misy ao amin'ny kaominia	Toro (*données*) manavaka ny vavy sy ny lahy mikasika ny kaominina ➢ 07 izany hoe: 6 lehlahy (86%), 1 ny vehivavy (14%)	
Fampidirana ny miralenta ao amin'ireo fandaharanasa efa misy	• Fahasalamana: ➢ Tobim-pahasalamana:3 (2 vavy, 1lahy; ➢ Agent Communautaires (AC):10 (4 vavy, 6 lahy) ; ➢ COSAN: 6 (2 vavy, 4 lahy); • Fampianarana: ~ 75% ny vehivahy, 25% ny lehilahy • Fampandraisana anjara ny fikambanam-behivavy sy fiakambanan'ny tanora amin'ny asa fampandrosoana;	
➢ Tolo-bidy ➢ Fanomezana vahana sy fampandraisana anjara ny vehivavy sy ny tanora amin'ny alalan'ny Fikambanan'ny vehivavy sy Fikambanan'ny tanora misy tosika ara-bola (FAIL) ho	Tolo-bidy manome tombon-dahiny ny vehivavy na mandrisika ny vehivavy hamaly ny tolo-bidy/fiofanana sns :	

FITONDRANA IFOTONY	POROFO NAMPIDIRINA TAMIN'NY TRANONKALA – RAISO NY ANARAN'NY *FICHIERS*	MARIHO
fanantanterahana ny asa mitondra tombontsoa amin'ny vahoaka (Programan'ny fiaraha-miasan'ny Intercommunalité (ACPU-DS) sy ny kaominina miaraka Partenaire Technique et Financier;	**Porofo:** Contrat, sary, PV+fiche de presence, Tatitra, fangatahana fiara-miasan'ny association amin'nyKaominina (preuve n° 0,2,3,4,5)	
Fiovaovan'ny toetrandro sy Fampandrosoana maharitra ➢ Fametrahana "centre pepinière"miaraka amin'ny GRAINE DE VIE ao @ kaominina ➢ Reboisement ataon'ny fikambanan'ny vehivavy 08 Mars isan-taona isan-taona;	**Porofo:** Arrêté communal + Délibertion sy Accord (preuve n°6,7) Olona miasa : 8 ny vehivavy, 2 ny lehilahy ao; Ohatra:Fambolen-kazo amin'ny sisin'ny rano sy eny amin'ny Captage;	
Tany sy trano fonenana: ➢ Fitsanganan'ny guichet mobile tsy anavahana ny vehivavy sy ny lehilahy ny fanomezana ny kara-tany izay mbola ampamitana azy fiaraha-miasan'ny ACPU; ➢ Fizarana tany avy amin'ny malala-tanana ho an'ny Fikambanam-behivavy 2 amin'ny FKT 2 ho fampivoarana sy ny fampandrosoana	Izay porofo afaka maneho mazava ny fomba nampidirana ny miralenta tao amin'ireo tetikasa ireo, indrindra ireo antontan'isa manavaka ny vavy sy ny lahy, ohatra: momba ny fanomezana trano fonenana. Porofo: Toro, Décision avy amin'ny Domaine, Bokibe karantany; (preuve n°8) **Porofo:** ➢ Acte de donnation ; (preuve n°9) ➢ Fikambanam-behivavy 2 amin'ny FKT 2 no nahazo tany;	
Rano sy fidiovana: ➢ Fampidirana rano fisotro	20 Bornes Fontaines mandeha tsara ary ny ankamaroany dia ny vehivavy no mintantana azy (90% ny	

FITONDRANA IFOTONY	POROFO NAMPIDIRINA TAMIN'NY TRANONKALA – RAISO NY ANARAN'NY *FICHIERS*	MARIHO
madio	vehivavy, 10% ny lehilahy);	
Fahasalamam-bahoaka sy ny tontolo iainana: ➢ Voatsinjo manokana ny vehivavy: Hetsika: fanentanana ny vehivavy mitondra vohoka anivon'ny Tobim-pahasalamana, fanentanana ny vehivavy momba ny planning familial, vehivavy rahateo koa ny mitondra sy mitantana ny Tobim-pahasalama ➢ ONG MAHEFA (Madagascar Heniky ny Fahasalama) miara--miasa @ CSBII sy ny Kaominina:Fanentanana miaraka ataon'ny vehivavy sy lehilahy fiahina ny vahoaka ara-pahasalamana, fanaovana depistage (na lahy na vavy);	➢ Fametrahana CSBII: vehivavy no mitantana azy ary ny vehivavy no maro an'isa (90% ny vehivavy, 10% ny lehilahy);	
VIH sy SIDA ary fiahiana marary: ➢ Fanentanana ny vahoaka ho fiarovana tsimok'aretina VIH/SIDA, fiaraha-miasa amin'ny AC MARIE STOPS ONG MAHEFA;		
Fampandrosoana ara-tsosialy ➢ Fanampiana ara-tsakafo ny ankizy zanaky ny sahirana iarahana amin'ny malala-tanana, isaka ny talata fara-volana;	Porofo: eo hoe amin'ny ankizy 20 isam-bolana	
Tetikasa manokana momba ny Miralenta		
Herisetra VBG : ➢ Voatsangana « réseau communal » miaro @ VBG ny commune, firaha-miasa ONG SAGE sy	PV, Fiche de présence	

FITONDRANA IFOTONY	POROFO NAMPIDIRINA TAMIN'NY TRANONKALA – RAISO NY ANARAN'NY *FICHIERS*	MARIHO
kaominina ;		
Ny fandraisana an-tanana ny mpiasa		
Fifantenana sy fandraisana mpiasa:		
Fanamafisana ny fahaiza-manao: ➢ Fiofanana niarahana tamin'ny INDDL; ➢ Fiofanana mahakasika ny famapandehanan-draharaha ao amin'ny Kaominina (Etat civil, STC, Agent de developpement, Maire, Mpanolo-tsaina,); ➢ Passation de marché (Maire STC sy Délegué) ; ➢ Fampiofanana nataon'ny mpampiofana Miralenta t@2015 ho an'ny vehivavy hilatsaka ho fidina amin'ny amin'ny Fifidianana Kôminaly; ➢ Fampiofanana ny fikambanam-behivavy momba ny fananganana tetik'asa sy ny fitantanana ny fotodrafitr'asa	. Fiche de présence sy PV de réunion/rapport de formation Rapport, fiche de présence	
Tontolo iainan'ny mpiasa : ➢ Fampitomboana ny isan'ny vehivavy ao amin'ny kaominina(conseillières);	Ohatra samihafa maneho ny fiantraikan'ny fivoizana ny miralenta ao amin'ny toeram-piasana sy ny fanatsarana nentin'izany. ➢ Fandraisana ny vehivavy conseillère roa amiry @ toerana 5 misy. ➢ Mitovy ny rafi-pitondrana misy eo @ vehivavy sy ny lehilahy	
Rafitra Fitantanana ny Miralenta		

FITONDRANA IFOTONY	POROFO NAMPIDIRINA TAMIN'NY TRANONKALA – RAISO NY ANARAN'NY *FICHIERS*	MARIHO
Rafitra misahana ny miralenta ➢ Fametrahana komitin'ny miralenta.	Porofo ahitana ireo rafitra samihafa misahana ny miralenta tafajoro – ohatra: rafi-pitantanana, fitanana an-tsoratra ny fivoriana Porofo :Arrêté communal/pv de reunion/delibération (preuve n°10)	
Tetibola: misy Ireo tetibolan'ny kaomininao izay ahitana ny ampaham-bola natokana natao ho an'ny asa Fampandrosoana ny miralenta sy ny fomba fampidirana ny miralenta ao amin'ny tetibola rehetra:	➢ Teti-bola novinaina ao anaty drafitr'asa ho fampiharana miralenta sy fampandrosoan : 34 025 000Ar	
Fanarahamaso sy fanaovana tombana:	Ny karatr'isanao na izay porofo hafa mety hahitana taratra ny asa nataonao hampidirana ny miralenta ➢ Ny karatr'isa natao hampidirana ny miralenta	

Ny enti-manana nampiasaina hanatanterahanana ny asa fampandrosoana ny Miralenta.

	Ariary	Rand
Vola ho an'ny tetikasa manokana momba ny Miralenta – lazao ny anaran'ny tetikasa	➢ Tsy misy	
Ny vola ho an'ny fampidirana ny Miralenta ao amin'ireo tetikasa ankapobeny	34 025 000	178 094,74
Fitondrana anjara biriky ankoatra ny vola amin'ny fampandrosoana ny Ivon-toerana mendrika – ohatra: fanomezana toerana	➢ Fanomena trano raha misy asa ilana an'izany, ohatra: Salle de Réunion (Kaominina) sy Tranom-pokokon'olona, fampitaovana, ➢ Fanomezana toro-hevitra;	

Vola azo avy amin'ireo malala-tanana na avy amin'ny sehatr'asa tsy miankina hanatanterahana ny asa fampandrosoana ny Miralenta ➢ Fiaraha- miasan'ny mpiara-miombon'antoka PICARDIE sy ACPU) ary ny Kominina: fampiasana vola FAIL ho fampandraisana anjara ny fikambanam-behivavy amin'ny asa fampandrosoana;	2014 : Fikambanana REMIHI Ankazomibaboko mitentina 1 400 000Ar;	7 327,92
TONTALY	**35 425 000 Ar**	**185 422,664**

HAMPIDIRINA AO AMIN'NY TRANONKALAN'NY GL ITY TAHIRIN-KEVITRA WORD ITY.

1. MOMBAMOMBA NY KAOMININA

FIRENENA	**MADAGASCAR**			
KAOMININA	**SAKARAMY**			
TOMPONDAKAN'NY MIRALENTA				
MPIANDRAIKITRA MANOKANA NY MIRALENTA	**RAMISILAHY Vincent**			
Isa iaingana (2014)	46			
Isa maneho ny dingana vita	72			
Isa farany indrindra				
Isa momba ny fihetsika amam-pitondran-tena-niaingana				
Isa momba ny fihetsika amam-pitondran-tena-iaingana – taty aoriana				
	Vehivavy	Lehilahy	Tontaly	% Vehivavy
Kaominina	1	6	7	14.28
Ekipa mpitantana	0	3	3	0
Mpanolontsaina	0	5	5	0
Isan'ny mponina iandraiketana	**3224**			
Toetoetra fototra	- **Fambolena** - **Fiompiana** - **Misy site touristique (lac Mahery)** - **Misy centre pépinière roa(grain de vie, service forêt)** - **Misy Toby Miaramila (02 Zandarmariam-pirenena)**			

Fizotry ny toe-draharaha

Manaova filazalazana fohifohy momba ny kaominina – ny niainan'ny kaominina tany am-boalohany, ny dingana vita hatrizay, ny fiovana nitranga. Raha mety dia atombohy amina tantara fohy mahafinaritra manambara momba ny fiovana nisy. *Voan-teny 300*

Teo aloha dia nitambatra tamin'ny Koaminina Joffre-Ville ny tananan'ny Sakaramy ary efa nisy toby miaramila izay niforona niaraka tamin'ny Tanana. Nahazo Koaminina izy tamin'ny taona 2004. Raha tanisaina dia ireto ny dingana nisy hatrizay: (sary foto-drafitrasa)

- Nanomboka 2006 fametrahana fotodrafitr'asa: Fampidiran-drano fisotro madio (BF),fanamboarana biraon'ny Kaominina;
  - 2006:Nametrahana ny EOLIENNE niaraka tamin'ny MADEOL;
  - 2009: Fanamboarana ny tranom-pokonolona ka navadika ho CEG tamin'ny taona 2010; fanamboarana 3 radiers niaraka tamin'ny FER;

- 2008: Teraka ny fiaraha-miasan'ny ACPU (Association des Communes du Pôle Urbain de Diégo Suarez) sy ny Région Picardie sy Finistère ka anisan'ny

mpikambana ny Kaominina Sakaramy izay nahatontosana an'ireto fotodrafitr'asa manaraka ireto:

- 2009: Fanamboarana ny tranom-pokonolona ka navadika ho CEG tamin'ny taona 2010;
- 2010: Fanamboarana ny Maison de quartier ka navadika ho CSBII tamin'ny 2011 ;
- Fanitarana sy fanamboarana ny Bornes Fontaines 3;
- 2011:Fametrahana ny fefin'ny centrale MADEOL sahasifotra, fanamboarana Terrain de Foot-Ball Ankazomibaboko;
- 2013: Teraka ny fiaraha-miasan'ny ACPU (Association des Communes du Pôle Urbain de Diégo Suarez) sy ny Union Européenne ka nahazoana kit solaire complet niaraka tamin'ny Ordinateur 3 niaraka tamin'ny accessoires ;
- 2014: famaritana ny faritry ny Terrain Scolaire (EPP Ankazomibaboko taminy alalan'ny fambolen-kazo izay nataon'ny fikambanam-behivavy) sy ny Terrain multisport Sakaramy ;

Nahitana fahombiazana tao anatin'ny Kaominina ny fiaraha-miasa rehetra misy ary mbola mitohy hatramin'izao.

- 2014 : Fampidirana sy nametrahana ny MIRALENTA anatin'ny Kaominina

Zava-kendrena fototra

Laozao ireo zava-kendrena fototra momba ny fampidirana ny Miralenta napetrak'ilay Ivon-toerana mendrika – *Voan-teny 300*

- *Fampandraisana anjara sy andraikitra ny vehivavy sy ny lehilahy bebe kokoa miaraka eo anivon'ny fampandrosoana*
- *Mba hisiany fitovian-jo eo amin'ny vehivavy sy lehilahy*
- *Mba ho fanentanana ny vehivavy sahy haneho hevitra eo anivon'ny fampandehanan-draharaha amin'ny fampandrosoana*
- *Mba ho fanentanana ny lehilahy rahateo mba tsy hanao ankilabao ny vehivavy amin'ny fanantanterahana ny asa maro samihafa*

Tantara

Inona ny zava-nisy talohan'ny asa natao fampidirana ny Miralenta? Manomeza fanamarinana avy amina mpitarika avy ao amin'ilay Kaominina sy avy amin'ny olona mahazo tombontsoa amin'ny asa aman-draharaha ataon'ny Kaominina – *Voan-teny300*

Teo aloha dia tsy nisy ny fampiharana ny miralenta tao @ kaominina (singanina amin'izany ny mpiasan'ny Kaominina) ka lasa lehilahy daholo ny mpiasa afa tsy ny percepteur iray ihany no mba vehivavy.Araka izany dia tsy hita taratra loatra ny fandrindrana ny asa @ ankapobeny (fahadiovana, archivage,...).

Rehefa nanaiky ho isan'ny ivon-toerana mendrika niaraka t@ fanentanana sy ny fiofanana maro isan-karazany momba ny Miralenta dia resy lahatra ny kaominina fa ilaina ny fampiharana ny miralenta eo anivon'ny fitondrana, fitantanana,fandraharahana satria mitondra tombony @ fampandrosoana.

Ohatra amin'izany : ny farisihan'ny vehivavy hilatsaka ho fidina amin'ny fifidianana communal (02 Conseillères, 01 Candidat au Maire).

Raha ny amin'ny ankapoben'ny Kaominina indray no asian-teny dia mbola misongadina ny tsy fisian'ny Miralenta fa saiky fomba raiki-tapisaka ihany no manjaka eo anatrehan'ny fiaraha-monina. Ohatra amin'izany ny tsy fandefasana ny zanaka vavy manohy fianarana raha vao mahazo CEPE na BEPC na eo an-tenantenany fa alefa manambady ho voninahitry ny RAD mahazo vodiondry (omby na vola)

Nandritra ny fampiofanana dia tonga saina ary resy lahatra ny mpizaika fa tokony hampiharina eo amin'ny rafim-piainana rehetra ny Miralenta raha te hiroso amin'ny fampandosoana.

Vonona arak'izany ny kaominina hampihatra ny miralenta.

Asa fototra
Mitanisà asa dimy raha kely indrindra ka ialohavy teboka fitanisana na*puces*nyasa tsirairay – Voan-teny 500

- Fametrahan'ny Kaominina ny programan'asa momba ny miralenta;
- Fanamafisana sy fanentanana momba ireo fitaovana sy fifanarahana mikasika ny miralenta;
- Fandresen-dahatra ny mpanolotsaina amin'ny fandaniana ireo tetik'asa miendrika miralenta sy fampiharana izany;
- Fandresen-dahatra ny Ben'ny tanàna (lehilahy) mba handray lefitra vehivavy (ary tena resy lahatra fa hanova pejy);
- Fandresen-dahatra ny mpiara-miombonantoka amin'ny fampandraisana andraikitra ny vehivavy;
- Fanentanana iro lehilahy mba hampihatra ny miralenta;
- Fanentanana sy famporisihana an'ireo fikambanam-behivavy mbola tsy resy lahatra handray anjara amin'ny sehatra ny fampandosoana sy amin'ny fifanakalozan-kevitra;

Enti-manana
Fintino eto ny fampahafantarana nampidirinao tamin'ny tranonkala

	Ariary	Rand
Vola ho an'ny tetikasa manokana		
Ny vola ho an'ny fampidirana ny Miralenta ao amin'ireo tetikasa ankapobeny	**34 025 000**	**178 094,74**
Fitondrana anjara biriky ankoatra ny vola amin'ny fampandrosoana ny Ivon-toerana mendrika – ohatra: fanomezana toerana	**Fanomena trano raha misy asa ilana an'izany, ohatra: Salle de Réunion (Kaominina) sy Tranom-pokokon'olona ;**	

	fampitaovana	

Ireo olana samihafa

Inona avy ireo olana fototra natrehina? Ahoana ny fomba namahana azy ireo? *Voan-teny300*

OLANA	**OHATRA**	**VAHAOLANA**
Ny handresen-dahatra ny olona hiala amin'ny raiki-tapisaka hampihatra ny miralenta eo anivon'ny fiaraha-monina,	fampiharana fiaraha-mientan'ny lahy sy ny vavy ao amin'ny fanaovana ny asa ao an-tokan-trano;	fanentanana miaraka amin'ny fandresen-dahatra an'ny lahy sy ny vavy miraka amin'ny Kômitin'ny Miralena efa mijoro ao amin'ny Kaominina
Tsy fisian'ny enti-manana eo anivon'ny Kaominina	Ny mahakasika ny saran-dalana, fitaovana,... sakafo hanantontosana ny asa fanentanana sy ny asa voarakitra aanaty drafitr'asa;	-Fitadiavana ny mpiara-miombon'antoka; -Ampidirina amin'ny Budget ny miralenta; -Famporisihana ny vahoaka amin'ny fandoavan-ketra ho fidiram-bolan'ny Kaominina afahana manantanteraka ny asa voarafitra;

Vokatra azo (Fenoy izay hitanao fa misy mifanandrify amin'ny karazana vokatra azo ao amin'ny Ivon-toerana iandraiketinao)

Fampahefana ny vehivavy
Firy ny isan'ny vehivavy nahazo fampahefana, vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika? – Voan-teny 200
Chef FKT nalefa mpanolo-tsaina ;
Mpitam-bolan'ny fikmbanam-behivavy nalefa ho mpanolo-tsaina

Fanamarinana
Tatero eto izay lazain'ny vehivavy nahazo tombontsoa (vehivavy iray farafahakeliny) hanohanana izay nolazainao mikasika ny fampahefana ny vehivavy. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno sy ny andraikitra/asa sahaniny? - *Voan-teny 100*

- *Ilay Chef Fokontany : RAMAROJAONA Ravaoarisoa Lydia; rehefa nahazo fankatoavana ho Fokontany vaovao ny FKT Ambodimadiro dia tsy nihambahamba ny vahaka nandany azy ho Chef satria resy lahatra ny vahoaka ary izy rahateo, tsy nihambahamba torak'izany koa ny Ben'ny Tanana nanendry azy ho mpanolo-tsaina noho ny faharisihany sy ny asa vitana ary izy rahateo dia vonona handray an'ilay andraikitra;*

Nisy lehilahy nanjary nanohana ny Miralenta ve noho ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika? Manomeza ohatra. – *Voan-teny 300*

- *Eny, ny tenako izao izay nanaiky nanao Sonia ny fifanarahana nidirana ho ivon-toerana mendrika ny Kaominina tantaniko dia tena nanohana ny Miralenta rehefa nahazo fiofanana sy fanentanana ho fampiharana ny miralent sy Fampandosoana;*

- *Ny fandraisana anjaran'i Tompon'andraikitra tao amin'ny Toby zandaro (Commandant de Brigade) nandritra ny fampiofanana momba ny Miralenta sy Fampandrosoana izay natao tao amin'ny Kaominina Sakaramy dia resy lahatra izy ary manohana ny Mirelanta izay nafahan'ny nanentana ny zandary namany nanohana sy nanampy ary nanentena ny Fikambanan'ny vadin'ny zandary mba nivondrona niaraka tamin'ny fikambanam-behivavy 8 mars nanao hetsika fambolen-kazo ;*

Fanamarinana
Tatero eto izay lazain'ny lehilahy mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny Ivon-toerana mendrika (lehilahy iray farafahakeliny) hanohanana izay nolazainao mikasika ny fanatsarana ny asa aman-draharaha atolotry ny kaominina. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno sy ny andraikitra/asa sahaniny-*Voan-teny 100*

Commandant de Brigade, Andriamatoa RAZAFY, izay manampy sy manoro hevitra ny Kaominina amin'ny fampiharana ny Miralenta mba entina hampandrosoana ny Kaominina fa indrindra ny fenetsiketsehana ny Fikambanam-behivavy misy ao an-toerana mba ho lasa herin'ny Kaominina eo amin'ny sehatry ny fampandrosoana fa tsy ho sakana akory;
Fanentanana ny Ray amand-Reny mba hampianatra zanaka vavy fa tsy hatao fitaovana ampanambadiana forse itadiavam-bola na omby fotsiny;

Fiovana eo anivon'ny tokantrano
Nitondra fiovana eo amin'ny tsy fifandanjan-kery misy eo amin'ny fifandraisan'ny vehivavy sy ny lehilahy ao an-tokantrano ve ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika? Manomeza ohatra vitsivitsy – *Voan-teny 300.*

Mbola tsy hita misongadina loatra raha eo amin'ny tokantrano no resahina satria mbola vao manomboka ny asa iarahana amin'ny Kômitin'ny miralenta ao amin'ny Kaominina fa kosa tsy vitsy ny efa tonga saina ary mieritreritra hanova ka hampiahatra ny Miralenta eo amin'ny tokan-trano;

Fanamarinana
Hamarino amin'ny alalan'ny fitaterana izay lazain'ny olona iray (farafahakeliny) ao amin'ny vondron'olona ifotony ny fiovana nitranga teo anivon'ny tokantrano. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno, ny sehatra iasany ary ny andraikitra/asa sahaniny. *Voan-teny100*

- *Ny fampiharana nahazoana tatitra aloha dia mbola tsy dia misy loatra fa ny fihetsika arahin'ny resaka mandeha dia misy ny tonga saina fa tsy irotorotoana ny fanovana ialana amin'ny mahazatra;*

Fiovana eo amin'ny fihetsika amam-pitondran-tena
Nisy ve ny fiovana teo amin'ny fihetsika amam-pitondran-tenan'ny vondron'olona ifotony izay vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika?*Voan-teny 200*

- *Ny fiovana dia ny fandraisan'ny Fikambanam-behivavy miara-miasa amin'ny Kaominina amin'ny asa fampandrosoana; Tsara koa ny manamarina fa isaky ny Fokontany dia efa nananganana ny Kômitin'ny fampandrosoana ny Fokontany (KFF) ary teo anivon'ny Fivoriam-bem-pokonolona no nananganana azy. Nametrahana rafitra mati-paika fa tsy maintsy ampiharana Miralenta ka 40% ny mambra kômity dia tsy maintsy vehivavy;*

Fanamarinana
Tatero eto izay lazain'ny olona iray (farafahakeliny) momba ny fiovana misy eo amin'ny fihetsika amam-pitondran-tena. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno, ny sehatra misy azy ary ny andraikitra/asa sahaniny. – *Voan-teny 100*

- *Ny fisian'ny Komitin'ny famapandrosoana dia efa voapetraka tao anatin'ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny mpiara-miombon'antoka PICARDIE satria takian'ny fifanarahampiaraha-miasa misy, mazava hoazy fa anisan'ny fametrahana miralenta ary fampandraisana andraikitra ny vehivavy no tanjona. Hita tsara fa mandeha ny fiaraha-miasan'izy mambra eo amin'ny asa fampandrosoana sahaniny (vavy sy lahy)*

Fiovana ao amin'ny toeram-piasana
Inona ny fiovana nisy ao amin'ny toeram-piasana izay vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika? Manomeza ohatra. *Voan-teny 300*

- Namory ny Fikambanan'ny vehivavy manerana ny FKT 5 ao anaty Kaominina ny Kaominina (Ben'ny Tanana sy ny Lefiny , Chef FKT sy solontenan'ny mpanolo-tsaina) miaraka ny Fikambanana 8 mars mba hisian'ny serasera sady ho fanentanana mba hisian'ny fandraisana anjara sy fiaraha-miasa amin'ny fampandrosoana ny faritra manoloana ny fahazoana ivon-toerana mendrika an'ilay Kaominina;

Teo koa no nandinihana ny tokony hampiroboroboana ny Vehivavy 8 mars arahina hetsika fitadiavam-bola mba hafahana manasongadina azy ao anatin'ny Kaominina misy azy miaraka amin'ny tetika entina hanentanana ny lehilahy mba hampanjakana ny Miralenta.

Fanamarinana
Tatero eto izay lazain'ny mpiasa iray (farafahakeliny) ao amin'ny kaominina momba ny fiovana misy ao amin'ny toeram-piasana. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno, ny sampandraharaha misy azy ary ny andraikitra/asa sahaniny. *Voan-teny100*

- *Ny Ben'ny Tanana lefitra : LEMERA Hans Aimé dia nahatsiro hafa-po tamin'ilay hetsika fanentanana izay nataon'ny kaominina manoloana ny Drafitr'asa napetraka ho fampiharana miralenta; Teo no nilazany hoe : mety hahavelom-bolo amin'ny fampandrosoana ny Kaominina ny fampiharana Miralenta ary mino aho fa hiroso ny asa voarafitra.*

Asa aman-draharaha atolotry ny kaominina
Inona avy ny fanatsarana misy eo amin'ny asa aman-draharaha atolotry ny kaominina izay vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika?–Voan-teny *500*

- Fanomezana sehatra bebe kokoa ny vehivavy eo amin'ny fanovozan-kevitra, fanehoan-kevitra, fifanakalozan-kevitra ary fanapaha-kevitra eo amin'ny fitantanan-draharaha miaraka amin'ny lehilahy;

- Firosoana amin'ny fanantanterahana ny asa voaraikitra ao anaty drafitr'asa miaraka ny lahy sy ny vavy;

Fanamarinana
Tatero eto izay lazain'ny olona telo (farafahakeliny) nahazo tombontsoa mba hanohanana izay voalazanao momba ny fisian'ny fanatsarana eo amin'ny asa aman-draharaha atolotry ny Kaominina. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno sy ny asa/andraikitra sahaniny.
- *Voan-teny150*

- *Taorian'ny fihaonana narahin'ny fanentanana tamin'ireo Fikambanana nantsoina dia nisy Fikambanana avy amin'ny FKT Ankazomibaboko sy Mahatsinjo : 2 no tonga mbola tsy ara-panjakana ary 2 koa vao niforona hanamboatra statut nanatona ny Ben'ny Tanana nagata-panazavana amin'ny lalana tokony izorana mba ho ara-dalana; Afaka lazaina fa efa manomboka tafita ny hafatra*

Marihina fa eo ampanamborana azy amin'izao

Fandraisan'ny daholobe anjara
Ahoana ny fomba nampandraisanao anjara ny daholobe amin'ny asa ataon'ny Ivon-toerana mendrika? Inona ny vokatr'izany? *Voan-teny 200*

- *Mbola tsy nisy fampandraisana anjara misongadina loatra hatramin'izao eo anivon'ny daholo be raha tsy ny fiaraha-miasa miaraka amin'ny Fikambanana eo anivon'ny fiaraha miasa misy miaraka amin'ny ACPU sy PICARDIE ho fampandraisana anjara ny fikambanam-behivavy sy fikambanan'ny Tanora satria ny kômitin'ny Miralenta dia mbola vao manomboka miasa;*

Fanamarinana
Tatero eto izay voalazan'ny mpitarika iray (farafahakeliny) ao amin'ny vondron'olona ifotony hanamarinana izay voalazanao momba ny fandraisan'ny daholobe anjara. Aza hadinoina ny milaza ny anarany feno, ny sehatra misy azy ary ny andraikitra/asa sahaniny.*Voan-teny100*

- *Azo hamarinina amin'ny alalan'ny asa vita, fanarahamaso nataon'ny kaominina sy ny FKT tamin'ny asa nataon'ny Fikambanana manao asa nifanarahana ireo voalaza etsy ambony.*

Fanapariahana amin'ny haino aman-jery
Manao ahoana ny fiarahanao miasa haino aman-jery amin'ny fampahafantarana ny Fifanarahan'ny Vondrona SADC momba ny Miralenta sy ny asa atao hampandrosoana ny Miralenta? *Voan-teny150*

- *Tsy misy fiaraha-miasa amin'ny fanapariahana haino aman-jery satria mbola tsy misy jiro, Télé, FM…*

Fanamarinana
Raha azo atao dia manomeza ohatra iray (raha kely indrindra) amin'ireo tatitra ataon'ny haino aman-jery izay vokatry ny asa nataonao (url na pdf, na you tube sns.)

(Tsy misy)

Fiovana eo amin'ny lafiny politika ampiharina izay vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika –

Lazao eto izay fiovana misy eo amin'ny lafiny politika ampiharina izay vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika **–** *Voan-teny 300*

- *Namporisika ny vehivavy ho sahy handray anjara ho fidina amin'ny fifidianana Kaominaly;*
- *Resy lahatra fa afaka mifameno amin'ny lehilahy hampandroso ny Tanàna misy azy ny vehivavy;*
- *Hafaka handray anjara mivantana sady mavitrika amin'ny fitiliana ireo asa mitondra fampandrosoana mifanaraka amin'ny filana eo an-toerana;*

Fanamarinana
Tanisao eto izany fiovana izany–*Voan-teny100*
- Misy vehivavy 1 hilatsaka ho fidina ho Ben'ny Tanàna;
- 2 koa hilatsaka ho fidina mpanolo-tsaina;

Izay fiovana hafa vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika.
Lazao eto izay fiovana hafa misy izay vokatry ny asa nataon'ny Ivon-toerana mendrika..
- Vao maika nanamafy ny firaha-miasa ny vavy sy ny lahy eo amin'ny asa amandraharaha andavan'andro eo amin'ny fampandrosoana;

Fanamarinana
Omeo eto izay fanamarinana hahafahana manohana izay voalazanao momba ireo fiovana hafa ireo.
- Afaka mitady vola amin'ny fanamborana charbon miaraka amin'ny vadiny ny vehivavy;
- Afaka misolo lehilahy mitondra sarety ny vehivavy raha sendra ka tsy eo ny lehilahy;
- Efa misy ny lehilahy resy lahatra mandoky, mamafa trano, manasa lamba fa tsy miantehatra fotsiny amin'ny toetra raiki-tapisaka fa asam-behivavy izany.
- Misy lehilahy iray ao an-tanana dia tsy tian'ny mihitsy ny lambany sasan'ny vehivavy (vadiny);

Lesona azo sy fitondrana zava-baovao
- Inona avy ny lesona notsoahinao tamin'ny fampandrosoana ny Ivon-toerana mendrika?
  - Fametrahana ny fandaharan'asa ho fampiharana ny Miralenta;
  - Nitombo fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fifanakalozan-kevitra, fanehoan-kevitra;
  - Resy lahatra ny mpanolotsaina ary vonona hampihatra ny miralenta;
  - Voapetraka ny Kômitin'ny MIRALENTA.

- Ahoana ny fomba ampiharinao ireo lesona ireo?

Voan-teny 300
- Fanentanana sy fandresen-dahatra hafahana manantanteraka ny asa ao amin'ny drafitr'asa voapetraka hirosoana amin'ny miralenta;
- Fihenoana sy Fanomezana sehatra ny vehivavy bebe kokoa eo amin'ny fandraharahana;
- Fahavononan'ny Komity hanao ny asany;

Fifanoroana sy fifampiazarana eo amin'ny samy kaominina
Ahoana ny fomba nizoran'ny fifanoroana sy fifampizarana teo amin'ny Kaomininao sy ireo kaominina hafa Ivon-toerana mendrika? – Aza milaza ankapoben-javatra raha azo

atao – omeo ny anaran'ireo kaominina hafa ireo, lazao ny toerana sy ny fomba nihaonanareo sy nanaovanareo ny fifampizarana.

- Mora tamin'ny Kaominina entiko ny fifanoroana sy fifampizarana teo amin'ny kaominina hafa namana Ivon-toeranana mendrika, ohatra Kaominina Joffre-Ville sy Kaoniminina Antsahampano ary Antnanamitarana satria samy mivondrona ao antin'ny ACPU-DS izahay. Ary samy voafehin'ny rafitra iarahana miasa ao anatin'ny mpiara-miombon'antoka iarahana eo amin'ny fampandrosoana ny Kaominina mambra;
- Afaka tsara izahay (Kaominina) miara-miasa sy mifanoro hevitra eo amin'ny sehatry ny Miralenta;

Fanamarinana

Manomeza fanamarinana hahafahanao manohana izay voalazanao, tatero ohatra izay voalazan'ny mpanolontsaina iray avy amina Ivon-toerana mendrika hafa.-*Voan-teny100*

- Ny fanohanana ara-bola FAIL (Fonds d'Appui aux Initiatives Locales) avy amin'ny fiaraha-miasa ACPU sy PICARDIE izay mamatsy asa fampandrosoana vahoaka amin'ny alalan'ny fampandraisana adraikitra sy anjara ny Fikmbanam-behivavy;
- Eo koa ny fametrahana ny Ivon-toerana mendrika izay niarahana tamin'ny Gender Links ho fametrahana Miralenta sy Fampandrosoana;

Fampandrosoana maharitra sy fanamaroana

- Ahoana no fomba hampandrosoana amin'ny fomba maharitra ny asan'ny Ivon-toerana mendrika eo amin'ny kaominina iandraiketinao?
  - Fametrahana ny Kômity MIRALENTA sy fandaharan'asa ho fampiharana ny Miralenta sy fampandrosona;
  - Fampitomboana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fampiroboroboana sy ny fampivoarana ny tanàna;

- Ahoana no fomba hanapariahana ny Fandaharanasa Ivon-toerana mendrika any amin'ny Kaominina hafa tsy mbola ao anatin'izany. Inona ny anjara biriky azon'ny Kaomininao entina amin'izany fanapariahana ny Fandaharanasa Ivon-toerana mendrika izany? *Voan-teny 300*

  - Fidinana ifotony ho fampafantarana ny mikasika ny Miralenta sy ny tanjona;
  - Fandresen-dahatra an'ilay kaominina rahavavy;
  - Fanentanana miaraka amin'ny fanetsehana ny vehivavy sy ny lehilahy afaka mifameno tsara amin'ny fandaharan'asa ao amin'ny Kaominina hipetrahan'ny miralenta sy Fampandrosoana;
  - Fiofanana sy fanamafisana fahaiza-manao eo amin'ny vehivavy sy lehilahy mifandraika amin'ny fandaharan'asa voapetraka;
  - Fametrahana fiaraha-miasa miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka afaka manampy amin'ny fametrahana miralenta;
  - Fitadiavana mpiara-miomban'antoka afaka manohana sy manampy amin'ny fanantanterahana ny fandaharan'asa voapetraka;